# Ilay Voa Tsara Nafafy 04 Aogositra 2020

# 4 Talata
aogositra

**Diniho aho, Andriamanitra ô, ary fantaro ny foko ; izahao toetra aho, ary fantaro ny eritreritro ; ary izahao na misy làlana mampahory ato anatiko, dia tariho amin'ny làlana mandrakizay aho.**
Salamo 139. 23-24

**Miaiky aho, ry Tompo**

*Miaiky aho, ry Tompo,*
*Fa matetika no malahelo ny foko*
*Ka misento, ory sy mitomany,*
*Mitady fiadanana.*
*Miaiky aho, ry Tompo,*
*Fa ao no anafenako ny fijaliako,*
*Ny fangidiako sy ny lolompoko,*
*Nefa mba tokony hiaina am-patokiana aho.*
*Misehoa Ianao, kasiho ny foko,*
*Ao anatiko lalina ao,*
*Ao amin'izay itoeran'ny aiko, ny fahamarinako,*
*Ao amin'izay tianao hihaonana amiko.*

*Miaiky aho, ry Tompo,*
*Fa tena mila ny fanatrehanao,*
*Ao anatin'ny foko lalina ao,*
*Fa tsy ivelambelany fotsiny ihany.*
*Miaiky aho, ry Tompo,*
*Ny fahariponao sy ny hamaminao*
*Izay miahy ny foko*
*Ao anatin'ny safosafo mamy.*
*Mikoriana ao anatiko toy ny rano madio izany,*
*Fankasitrahana manafaka ahy,*
*Mampitsiry ato anatiko ny faniriana hisaotra*
*Ilay Andriamanitro, Ilay Raiko, sy hitia Azy.*

*Frédérique Jaccard*